Mianina aho amin'ilay mitazona ny fanahiko eo am-pelatànany, Efa hidina eo aminareo ho mpitsara marina i zanak'i Maria, ka hanapaka ny hazo fijaliana, hamono ny kisoa, hanala ny hetra, ary hampamaro ny harena ka tsy misy handray azy intsony ny olona

Tatitra azo avy amin'i Abou Horaira (R.A), Niteny ny Mpaminany (Ş.A.W) manao hoe : "Mianina aho amin'ilay mitazona ny fanahiko eo am-pelatànany, Efa hidina eo aminareo ho mpitsara marina i zanak'i Maria, ka hanapaka ny hazo fijaliana, hamono ny kisoa, hanala ny hetra, ary hampamaro ny harena ka tsy misy handray azy intsony ny olona".
[Mari-pototra] [Notantarain’i Bokhari sy Moslim]

Nianiana ny Mpaminany (S.A.W) fa akaiky ny fidinan'i Jesoa zanak'i Maria (S.A.W) dia hitsara eo amin'ny olona amin'ny fahamarinana araka ny lalàn'i Mohammad izy. Ary hotapahiny ny hazo fijaliana izay hajain’ny Kristianina. Ary i Issa (A.S) dia hamono ny kisoa. Ary izy dia tsy hitaky ny hetra fa hiantso ny olona rehetra hiditra hanaraka ny finoana Islam. Ary hihoatra ny harena ary tsy hisy haka intsony izany, noho ny hamaroany, sy ny fahampian'ny eo an-tanan'ny tsirairay, ary ny fidinan'ny hatsarana sy ny fifandimbiasan'ny fahasoavana.

https://sunnah.global/hadeeth/mg/show/65025